## Anosibe - Anosizato 7
**Nitokona ireo taksi bisikileta**

## Zazah Ramandimbiarison 2
**Mahatsiaro fangirifiriana sy tsy milamin-tsaina ny maro an'isa**



# NY VALOSOA VAOVAO
Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Alakamisy 20 oktobra 2022 Laharana 1359 Vidiny : **600 Ar**

www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto


## Ho avy any Manakara hono Rajoelina 3
Mangata-bola amin'ny mpandraharaha ny governora ho amin'ny fandraisana

## Fitondrana Rajoelina 3
# Manao tohivakana ny fahafaham-barakany



## Fanambaran'i Etazonia 2
# Toa manomboka ny fiafaran'ny fitondrana Rajoelina



## Raharaha Rakotomalala Marcel 6
# Tsy nahitana vola sandoka tao aminy na singany iray aza



## Mpitarika ny antoko Arema 3
# Voatetiny ny ¾ ny faritanin'i Tomasina



## Doro tanety sy doro ala 7
Mbola tsy maty ny afo any Ambohitantely Ankazobe

## Kitra Mondial 2022 7
Tolotra miavaka ao amin' ny Tranombarotra Baolai

## Daka kely
Maninona raha kôzin'ialahy ny Firenenana Mikambana hoe:" azo raisina fa tsy mitombina ny vatonay iny", ry Boaikely a!

**FANAMBARAN'I ETAZONIA**

# Toa manomboka ny fiafaran'ny fitondrana Rajoelina



*Ny Ambasadaoron'i Etazonia eto Madagasikara, Claire Pierangelo.*

Manoloana ny naneken'ny Masoivohon'i Madagasikara any amin'ny Firenena Mikambana (ONU), sy ny ministeran'ny raharaham-bahiny Malagasy ny herinandro lasa teo, nanameloka an'i Rosia noho ny fibodoany tany any Ukraine, sy ny fananiham-bohitra ataony any Ukraine, sy ny fanalana ny ministry ny raharaham-bahiny Richard Randriamandranto ny talata teo, nisy ny fanambarana avy amin'ny Ambasadin'i Etazonia eto Madagasikara, mahakasika an'izay : « Faly izahay mijoro anilan'ireo firenena miisa 140 hafa manerantany, anisan'izany i Madagasikara sy ny Nosy Kaomoro, izay nisafidy ny hankato ny fehinkevitry ny Firenena Mikambana tamin'ny 12 Oktobra lasa teo, ka manohana ny sata mifehy ny Firenena Mikambana momba ny fanajana ny fiandrianam-pirenena ary koa manameloka ny fanafihana nataon'i Rosia an'i Ukraine, sy ny fakany tamin'ny fomba tsy ara-dalàna ny ampahan-tanin'i Ukraine. »

Mazava izay fanambarana izay, mankato ny fanapahan-kevitra noaraisin'ny ministeran'ny raharaham-bahiny Malagasy tany New-York ny Amerikana, tsy mankasitraka kosa ny filazan'ny mpitondra ambony eto amin'ny firenena, miainga amin'ny filoha Rajoelina, fa tsy momba ny atsy na ny aroa i Madagasikara. Manomboka eto arak'izany, toa hanomboka ny fiafarana ho an'izao fitondrana Andry Rajoelina izao, izay tsy matotra amin'ny fanapahan-kevitra izay raisiny. Hita fa misy fikorontanana anatiny ao amin'ny fitondrana. Ho rava ny fitondrana miady an-trano, hoy izay fitenenana mifono fahendrena sy fahamasinana izay. Tsy ny Amerikana irery ihany no hamely antsika eto Madagasikara, noho ny fiziririan'ny fitondrana Rajoelina momba ny raharahan'i Rosia sy Ukraine izao, fa saika ny mpamatsy vola mahazatra dia hanasazy antsika avokoa hanomboka eto. Raha tsy hilaza afa tsy ny Frantsay, efa nanambara ny filoha Frantsay Emmanuel Macron tamin'ny Fivoriamben'ny Firenena Mikambana farany teo tany New-York, fa tokony handray fanapahan-kevitra ny rehetra hanameloka an'i Rosia momba ity fananiham-bohitra ataony any Ukraine ity. Tsy mankasitraka koa izy noho izany, ny tsy fombana amin'ny atsy na ny aroa izany, fa ekeny ny fanapahan-kevitra noraisin'ny ministeranny raharaham-bahiny Malagasy ny herinandro lasa teo.

Tia miovaova hevitra ny fitondrana Rajoelina, heverina fa hanaraka ny maro an'isa isika, ka tsy ho sazian'ny Amerikana sy ny Frantsay sy ny hafa,... momba ny ady any Ukraine ity. Ny vahoaka ihany mantsy no tena hiantraikan'ny fanapahan-kevitra tsy mahomby, sy tsy am-pisainana ataon'izao fitondrana Rajoelina izao hatrany.

***Stefa***

Richard Randriamandranto

# Tombontsoa ambonin'ny firenena no nanaovana "Eny" tany New-York

Tao aorian'ny nanesorana azy tsy ho ministry ny raharaham-bahiny, nisy ny fanambarana nataon'ny ministra telo aloha Richard Randriamandranto tamin'ny radio avy any ivelany, na tsy nanao fanambarana aza izy tamin'ireo mpanao gazety Malagasy teny Tsimbazaza. Ny hany nambarany teny Tsimbazaza tamin'ny mpampita vaovao Malagasy dia ny hoe: "aza mampisavorovoro". Fa tamin'ny fampielezam-peo eran-tany kosa, nanambara izy fa: "nifidy "Eny" aho satria tsy noheveriko, fa hampidi-doza ny tombontsoa ambonin'ny firenena ny nataoko, aleo ny tantara no hitsara. Ny dikan'izany, amin'ity lehiben'ny diplaomasia Malagasy teo alo-ha ity, tombontsoa ambo- nin'ny firenena ny fanamelohana an'i Rosia sy ny fanohanana an'i Uk-raine, satria ny fiarahana amin'ny maro an'isa ao amin'ny Firenena Mikambana. Mahakasika ny hoe: tsy nifanarahanao tamin'ny filohan'ny Repoblika ve izany iny fifidianana iny? Ny hany navaliny dia ny hoe: «tsy hamaly an'izany aho».

Ny ministry ny fiarovam-pirenena, ny jeneraly Rakotonirina Leon Richard, no misolo toerana vonjy maika azy, mandrapanendry indray, izay ho ministra vaovao etsy Anosy. Ity ministra jeneraly ity, izay tany Rosia tamin'ny fiandohan'izao taona 2022 izao. Henjana ny raharaha, fa dia ho hitantsika eo ny ho tohiny.

***Niaina***



*Ny ministry ny raharaham-bahiny teo aloha, Richard Randriamandranto.*

Zazah Ramandimbiarison

# Mahatsiaro fangirifiriana sy tsy milamin-tsaina ny maro an'isa

Mitondra fanehoan-kevitra momba ny raharaham-pirenena indray, ny Praiministra lefitra teo aloha Zazah Ramandimbiarison:

"Mahatsiaro fangirifiriana sy tsy milaminan-tsaina ny maro an' isa amin'izao fotoana eto amintsika. Miha-ratsy ny rivo-piarahamonina entin' ny fitiavan-tena, entin'ny fanararaotan'ny fahantrana mihàtra amin'ny ankamaroan'ny ny mpiray tanindrazana .Tsy misy fandriampahalemana amin'ny lafiny rehetra. Very fanahy mbola velona ny malagasy maro. Rehefa nandeha ny fifidianana dia mpivaro-tantely mividy sakay ny Malagasy maro an'isa; mivarotra ny mamy ho an'ireo izay mitonona tena hoe lany ara-demokratika hono, nefa mividy ny mangidy ho an' ny tenany. Nanome toky ry zareo mpitondra, nefa tsy manatanteraka feno izay hanamora sy hahatsara ny fiainan'ny Malagasy. Mazava izao fa ny fitiavan-tena sy ny tombontsoany no laharam-pahamehana sy tadiavian'Andriamatoa Andry Rajoelina sy ny mpiara dia aminy. Hany ka miha-ratsy ny rivo-piarahamonina. Mbola mitohy miha-ratsy foana aza noho ny fitantanana tsy maty paika, ny fanararaotana ny fahantrana mihàtra amin'ny ankamaroan' ny Malagasy. Zavatra misavoamboana sy resaka tsy mitombona hakana ny fon'ny malagasy mahantra tsy manana safidy no hita etsy sy eroa. Hoy ny ntaolo hoe : "rehefa adala ny loholona dia lasa adala ny vahoaka". Izao no zavatra hita sy tsikaritra eto amin' ity tanindrazana ikambanana ity. Satria hono lany tamin' ny fifidianana demokratika Andriamatoa Andry Rajoelina dia azy sy ireo sy ny mpiaradia aminy ny fitondrana, ka manana zo hampihàtra fahefana feno jadona iarovana ny tombontsoany ry zareo: zo hanapa-kevitra ho an' ny tombontsoa ho an' ireo mpiaradia aminy, zo hametraka ny mpiara-miasa sy ny fianakaviana amin'ny toerana mahasoa eny anivon'ny andrim-panjakana rehetra, zo handika ny lalàna velona na dia mampikorosy fahana ny fiarahamonina aza, zo hanakana ny fanomezana didim-panjakana ilaina hampandehanana ny raharaham-bahoaka, zo hanapa-kevitra tsy hanome fahazoandalana, zo hanemotra ny fanomezan-dalana, zo hisitraka ny protocole ataon'ny repoblika ho an'ny mpanakanto vahiny hampiala voly sy hanondinkodina ny sain'ny Malagasy mahantra, zo hampiasa ny tandroka aron' ny vozona ho herim-pamoretana ny malagasy tsy manan-tsiny, zo hampigadra amin'ny tsy rariny, tsy misy fampiharana ny lalàna, zo tsy ho enjehin'ny lalàna amin'ny fanodinkodinana ny tetibolantsika, ny fanondranana ny harena ankibon'ny tany, zo handainga amin'ny mponina ao anaty haizina, zo hanodinkodina ny saim-bahoaka amin'ny lainga tsara lahatra, sns... Satria an'azy hono ny fitondrana dia mihevi-tena ry zareo fa an'azy i Madagasikara, ka zony ny hampiasa fahefana, hanindriana bokotra sy hangoronankarena. Indrisy, sahala amin'ny tantely afa -drakotra i Madagasikara ankehitriny, ka anjakan' ireo bodo sy adala, mpiaradia amin'Andriamatoa Andry Rajoelina. Hitam- poko hitam- pirenena, fa i Andry Rajoelina sy ny sy mpiaradia aminy dia manome lanja lehibe ny "bling bling", ny fideraderana ivelany momba ny harena azo avy amin' ny asa maloto: 4x4 lafo vidy, villa tsara , fandehanana miantsena sy fialan-tsasatra any ivelany, fitsangatsanganana amin'ny fiaramanidina manokana sy ny sisa tsy voatanisa. Nefa ny 80% ny malagasy fadiranovana tanteraka. Mitady izay harapaka isan'andro. Mitrongy vao homana. Indrisy, ambany dia ambany ny fihetsika sy ny fitondrantenan'ireo olona vitsy an'isa mitantana ny firenena; tsy fahaizamiaina amin'ny fiarahamonina ; lavitry ny kolontsaina sy ny fahendrena malagasy. Manao tongolo be fofona amin'ny tany fotsiny. Mpandihy miankanjo halatra, ka mitotorebika amindoza! Efa tena tanety may, vohitra forehitra no iainan' ny Malagasy ankehitriny. Efa toy ny tonompary ny fiainana ho an'ny Malagasy, iriana ho mamy fa mafy tsy laitra. Ka raha tsy mbola tonga saina amin' izao zava-misy izao isika rehetra dia tsy hivondrona toy ny ankohonana iray ary tsy ahita mihitsy tombontsoa iombonana hanova marina ho amin' ny tsara, mba hiadanan'ny ambanilanitra. Ny fametrahana amin'ny azo antoka sy marimpototra ary mankato ny fahamarinana ihany sy ny finoana arahan' asa no hiteraka sy hanome ny anjara masoandrony hoan'ny tsirairay. Mila ny "Vato nasondrotry ny tany" i Madagasikara, mba hitarika any amin'ny lalana tsara kokoa ho an'ny fandrosoan'ny Malagasy maro an'isa. Mila ireo tena tia tanindrazana i Madagasikara, mba hanavotra azy amin 'izao toe-javatra mampalahelo izao. Ny manana olon-kendry hono manana ny ho mpitondra firenena!" hoy ny fanambaran'ity mpanao politika ity.

***Nangonin'Isambilo***

## Ny Valosoa sy fakafaka

### 15 oktobra, andro iraisam-pirenena ho an'ny jamba

# Jamban'ny vola ny mpitondra eto amintsika

Isaky ny 15 Oktobra no marihana ny andro iraisam-pirenena natokana ho an'ireo manana olana amin' ny fahitana , raha atao mahitsihitsy kokoa dia ireo jamba izany .

Maro ny endrika fanamarihana izany, fa ny goavana indrindra sy fahita erantany dia ny fanentanana ny mpiarabelona ahafantatra ny lanjan'ny tehina fotsy na '' canne blanche'', izay fitaovana tokony tsy hisaraka amin'ny jamba , iny tehina iny no atsangan'ireo jamba rehefa miampita arabe izy ireo, ireo manana fahitana dia tokony hanaja ilay mitondra tehina ary indrindra tokony hiezaka hanampy arak'izay azo atao azy ireo.

Eto amintsika dia mbola azo lazaina ho misedra fahasahiranana ireo manana fahasembanana na arabatana na ara-tsaina, satria mbola miseho ireo endri-panilikilihana mivantana na ankolaka mihàtra amin'ireny sembana ireny .

Misy ny oha-pitenenantsika malagasy manao hoe'' ny alika jamban'ny taolana'', fa ''ny olona jamban'ny vola , fa ny tsy azo amaivanina ihany koa dia ilay manao hoe : ''tsy misy jamba mihoatra izay minia manakimpy ny masony '' .

Ireo oha-pitenenana telo ireo dia samy marina daholo saingy tsy hiady hevitra amin'ny ataon'ny alika isika, fa ny mahakasika ny olombelona no tiana asiana resaka, satria isika olombelona dia sokajiana ho manan-tsaina sy manam-panahy raha mitahy amin'ny biby.

Fa rehefa mandinika ny ataon'ireo mpitondra ankehitriny dia tsy maintsy miloabava ihany, satria efa diso tafahoatra loatra ny nataon'ny mpitondra sy mbola ataony ary ahiana tsy maintsy hataony, raha tsy hiresaka afa tsy ny hosoka niseho tamin'ny fifidianana nifanesy nanomboka ny taona 2018, ny fanosihosena ny lalàna sy ny fanamparampahefana miseho amin'ny endriny samihafa, ny fandrobana ny harempirenena sy ny fananan'olontsotra ary ny fampiasan-kery sy fahefana amin'ny olona tsy manantsiny.

Raha nitranga ireo tsy rariny voalaza ireo dia toa ninia nanakimpy ny masony ny ambaratongam-pahefana samihafa toy ny mpitandro filaminana, sy ny eny anivon'ny fitsarana sasantsasany, raha tsorina dia ireny ilay sokajiana hoe manamaso fa tsy mahita na mody jamba na asa inona ny azy ireny no mijery ?

Ny azo amehezana azy dia jamban'ny vola no manakaiky kokoa ny marina raha ny mikasika ireo manao fihetsika mandrendrika firenena ireo.

Ny jamba mitondra tehina fotsy no mendrika fanampiana avy amintsika mahita, fa raha mikasika ny ataon'ireo mihevitra antsika ho jamba sy tsy ampy saina dia efa ampy izay ny fandeferana. Vahoaka mahiratra ny vahoaka malagasy, tsy ho azo fitahina intsony, mahay manisa sady mamaky teny, sady maro koa ireo mpanao politika sahy mijoro manazava ny sain'ny vahoaka sy mampahiratra ny mason'izy ireo, toy ny ataon'ireo mpikatoka '' Tiako i Madagasikara '' sy '' Rmdm''.

***Ny Valosoa***


PRIERE AU SACRE CŒUR



**Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.**

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.

Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

**Miotisoa R.**

## Ny Valosoa sy hadihady

### Fitondrana Rajoelina

# Manao tohivakana ny fahafaham-barakany

Tsy mitsaha-mitohy vakana ny fahafahambarakan'izao fitondrana tarihan-dRajoelina Andry, filohan'ny Repoblika IV, andiany faharoa izao. Ankoatry ny redirediny tany amin'ny Fivoriaben'ny Firenena Mikambana tany New York farany teo, momba ny hanombohan'ny asa fanamboarana ilay làlana migodana mampitohy ny Renivohitra sy Toamasina ary ny filazany fa 140% ny ankizy malagasy no tafiditra an-tsekoly dia izao nandatsabato nanameloka an'i Rosia izao indray ny lehiben'ny diplomasia malagasy noho ny fanafihany an'i Ukraine izao. Raha ny zavamisy eo anivon'ny fahefana mpanatanteraka nandritra izay 4 taona izay aloha, ka nahitàna fa samy manao izay tiany atao ny minisitra dia toa marina fa ny minisitry ny Raharaham-bahiny tokoa no nandray fanapahan-kevitra samy irery. Nefa ny raharaham-bahiny dia anisan'ny ministera momba ny fiandrianampirenena, ka loha-laharana amin'izany ny filohan'ny Repoblika Rajoelina, noho izany tsy azo heverina ny tsy nanomezany baiko ny lehiben'ny diplaomasia Malagasy. Sarotra inoana ihany anefa izany satria ny fifandraisana ara-diplômatika amin'i Rosia mihitsy no voatohintohina kanefa ny mpitondra amin'izao fotoana izao dia nanao fifanarahana maro taminy, indrindra eo amin'ny ara-tafika. Tsy azo lavina koa anefa fa nanao adalàna ity minisitra ity fony izy minisitry ny Fitantanam-bola sy ny Toekarena, izay minisiteran'ny fiandrianam-pirenena ihany koa kanefa dia nomena « promotion » izy ka nampiakarina tamin'ny ambonimbony kokoa. Araka izany dia sarotra inoana fa iny latsabato nataony iny dia heviny samy irery, fa tsy nifanarahana tao amin'ny governemanta, na nifanarahany tamin-dRajoelina Andry farafaharatsiny. Nesorina tamin'ny toerana maha minisitra azy izy, saingy tsy tamin'ny fomba ofisialy izany satria tsy maintsy fivorian'ny filankevitry ny minisitra no manafoana ny didim-panjakana nanendrena azy sady manendry ny minisitra mpisolo-toerana. Nanaiky Randriamandrato Richard, fa nandatsa-bato nanameloka an'i Rosia kanefa tsy mbola fantatra izay ho tohin'ny tantara. Ny tsapa hatramin'izao dia tsy misy firaisan-kina mihitsy eo anivon'ny governemanta, satria samy manao izay saimpantany ny minisitra vitsivitsy. Araka izany dia ny filohan'ny Repoblika izay tomponandraikitra voalohany amin'ny fampandehanan-draharaham-pirenena mihitsy, no tsy mahafehy ireo olona eo ambany fifehezany, ka izy no tokony hahatsapa tena fa tsy maha tafavoaka ny Firenena ao amin'izao loza mianjady aminy izao. Niteraka resabe ihany koa ny kabarin'ny filohan'ny Antenimierampirenena nandritra ny fanokafana ny fivoriana ara-potoana faharoa ny talata lasa teo. Ny mampametram-panontaniana dia fivoriana ara-potoana mialoha ny farany izao fivoriana izao, kanefa dia izao ity filohan'ny andrimpanjakana ity vao mahatsapa fa miaina ao amin'ny fifanitsaham-pahefana ny fitondrana amin'izao fotoana izao. Ny fahefana mpanatanteraka (governemanta) indray no mampiantso ny fahefana mpanao lalàna (parlemanta), izay manan-jo feno (prerogative), hanaramaso sy hanakiana ny fanatanterahana ny tetikasa voafaritra ho vitaina manerana ny Firenena. Marina ny famerenana amin'ny laoniny ny andraikitra mifanandrify amin'ny andrimpanjakana tsirairay araka ny kabarin'ny filohan'ny Antenimierampirenena, saingy efa tara loatra izany satria raha tsy nisy ny raharaha navoasaringotra ny depiote IRD voafidy ao amin'ny boribiritany II eto an-drenivohitra Lanto Rakotomanga, momba ilay voamboana nalaina tany Ambatondrazaka, saika notaterina aty Antananarivo dia tsy niresaka momba izany izy. Tsara ny nieken'ity filohan'ny Andrimpanjakana ity, fa betsaka no manao hadalàna ny depiote, saingy heverina fa sarotra kosa no hanekena ny fiarovana an-kolaka izay « nanota », ka nilazany hoe : « izay tsy nanota taminareo no aoka hitora-bato azy ». Fiarovana ny mpiray sokajy (corporatisme) no nataon'ny filohan'ny Antenimierampirenena, satria raha dinihana dia tsy nanota velively ny mpamilin'ilay fiara nitondra ny voamboana, satria nisy ny sonia sy ny kasen'ny depiote ny taratasy fahazoan-dàlana amin'izany, kanefa dia nampidirina amponja izy. Manamafy ny fomba fijerin'ny politisiana ny tranga, fa rehefa voa foana vao mihilana ny mpitondra amin'izao fotoana izao, ka toa manao sarimihetsika hatrany eo amin'ny ataony rehetra. Ny vahoaka malagasy na dia efa asain-dRajoelina Andry mihinana ny tsy fihinana aza dia tsy manohitra izany fa maharim-pery, hono. Na izany na tsy izany, misy farany ny zava-drehetra, misy farany raha jiaby!

***Andry Tsiavalona***

## facebook NY VALOSOA VAOVAO

### Ho avy any Manakara Rajoelina Mangata-bola amin'ny mpandraharaha ny governora ho amin'ny fandraisana

**Arphine Rahelisoa Helisoa:** ho avy any Manakara hono Rajoelina amin'ny volana novambra, mangata-bola amin'ny mpandraharaha ny governoran'i Fitovinany ho amin'ny fikarakarana ny fandraisana azy.

**Jenny Rakotozafy :** lany henatra koa 'ty governora ty!

**Andrianjatovo Andriaherimanana :** efa fomba fanao, fa tsy misy vola hanaovana merci prezida.

**Jeanne Farasoa Razafimalala :** mangataka. Ny O.E ndray no hiantok'ainga.

**Hary Raberson :** mahamenatra.

**Lalahery Ranaivo :** mangataka sy manao Androrosy hitsenana ny filoha.

**Bakoliarisoa Andriamiseza :** tsis bedy kah. Izy mianakavy zanak' olom-pirahalahy iray tamboho ihany ireo kah!

**Bruno Ramahenina Ranaivo :** @ tanin' ny tsy maty manota izao.

**Herinirina Zafisoa :** tamin'ny andron'ny covid, nojeren'ny fanjakana fotsiny ny operateur, zao anefa mangataka any aminy ihany, na dia mbola tsy tena tafarina aza izy ireo vokatry ny krizy izay.

**Mazana Rakotondramanana :** 3P kosa e !

**Maintso Mavana : r**ehefa te hisolelaka dia tous les moyens sont bons.

**Noro Rabary :** oadrayyyyyyyy !

**Polosyti Lemroro :** ho lazainy fa vakiraoka ndray izao io fa ts tena izy. Izay ilay fomban-dry zareo manko. Na kaofra vaky tsy tena izy fa vaky raoka, na volamena sy vato sarobidy, sy hazo isan-karazany vakiraoka daholo fa ts tena izy.

**Mahefa Vononkiatrika :** efa andro maromaro no lasa, ilay mpamily nogadraina, matoa mbola tsy nisy niteny hatreto hoe hosoka io, dia heverina ho tena izy izany, sady hoy ny filohan'ny Antenimiera hoe:"izay tsy nanota taminareo no aoka hitora-bato azy; toko tapaka,vilany mitongilana, izay tsy mety harenina" mahagaga !?

**Narison Ranaivo :** fitondrana vakiraoka ty.

**Eulalie Razafinandriana :** Ttsy izy kosa izany e!... Rajoelina ve no hitokan- javatra dia ny olona no hangatahana vola ? Mbola tsy nisy tao anatin' ny 62 taona.de otrzao foana moa ny miainga any, fa ny an zareo ty tsy natao mode incognito.

**Daby Dinh Van :** tena hokaofina hatrany ampaosinao, nefa dia tokony ho fitokanana vitan'ny ben'ny tanàna.

#### Mpitarika ny antoko Arema

# Voatetiny ny ¾ ny faritanin'i Tomasina

Vita ny fitetezana ny Faritanin'i Toamasina nataon' ny antoko Arema, izay notarihan'ny sekretera nasiônaly Ramatoa Annick Ratsiraka. Notsidihana tamin'izany : Tanambe, Amparafaravola, Ambatondrazaka, Moramanga, Toamasina, Maroantsetra, Mananara, Soaneran' Ivongo, Vavatenina, Fenerivo Atsinanana, Foulpointe, Brickaville , Vatomandry , Mahanoro, Masomeloka, Antsampanana. Tany Nosy-Varika indray ny mpitarika ny antoko farany teo. Voatety avokoa ny ¾ ny faritany . Nampanantena ny secretera nasiônaly fa mbola ho avy amin'ireo faritra izay tsy tratra tamin'izao dia izao, ka ezahana ho vitaina mialohan'ny fiavian'ny orana izany. Noho ny faharatsian'ny lalana sy ny lafiny fandriampahalemana, no antony tsy nahatongavana tany amin'ireo distrika hafa. Nilaza Ramatoa Annick Ratsiraka, fa fihaonana tamin'ireo mpikatroka Arema no natao tamin'izao dia izao. Fananganana ny rafitry ny antoko ihany koa ary fametrahana ireo birao isaky ny distrika sy ny kaominina. Teo ihany koa ny fitsidihana ireo akany izay natsangandRamatoa Celine Ratsiraka, izay mbola mandray anjara amin'ny fanabeazana ny zaza Malagasy ankehitriny. Famelomamaso ny antoko no tanjona, eo ihany koa ny fanentsehana indray ireo mpikatroka tranainy sy ireo tanora izay hita tokoa fa tena liana amin'ny fotokevitra hijoroan'ny Arema. Nanamafy ny sekretera nasiônalin'ny antoko tamin'ireo dia rehetra izay nalehany ny tokony handraisan'ny rehetra anjara amin'ny fifidianana ho avy, ka ny fisoratana anarana ao anatin'ny lisitry ny mpifidy no hahafahana mandray anjara amin'izany. Ny antoko rahateo dia hanana kandida amin'ireo fifidianana rehetra ho avy. Tsy hijanona hatreo fa mbola maro ireo faritra tsy tongan'ny sekretera nasiônalin'ny antoko Arema Ramatoa Annick Ratsiraka sy ireo comité directeur. Isan'ny mbola ho aleha ireo faritra izay mbola tsy voavangy teto amin'ny faritanin'Antananarivo, toa an'Anjozorobe, Ankazobe sy ny maro hafa , ka kasaina ho vitaina mialohan'ny faran' ny taona avokoa ireny rehetra ireny. Ho famaranana ny taona ihany koa dia hisy ny fihaonamben'ny tanora Arema amin'ny faritra 23, hisy ny bazar de Noel.



*Ny mpitarika ny antoko Arema, tany Masomeloka distrikan'i Mahanoro faritra Atsinanana.*

***Isambilo***

## TONONKALO

### IREO ANDRIAMBAVILANITRY NY LAPA

Ny ankamaroany efa mampiaiky sy efa tratry ny tsikera.
Tena lohany amin`izany ny ao anaty serasera,
Izay malaza ho vavana , miantsanantsana fiteny.
Moa dia teny izany ve no nifidianana azy ireny ?

Izy ilay voakiana mafy ho tena tsy mahay mipetraka.
Tena angadiny mihitsy ity ilay hoe mihetraketraka.
Ny fitaovana ampiasainy : setrasetra sy kakay.
Angamba ny minisiterany hiova anarana amin`izay !

Mifanohitra amin`izany , misy ilay mangina lava,
N`inona n`inona ho may , n`inona n`inona ho rava.
Toy ny vato, tsy miteny , izany angaha no rindrandaminy,
(Azo an-tsaina ny ho tohiny mety hataon`ny vorona aminy !)

Nisy koa ilay raikavavy izay nalaza tato ho ato
Noho ny hazo sarobidy saika halefany any Ambato.
Tena fandikan-dalàna , fisandoham-pahefana,
Saingy indrisy , mbola arovan`ireo deba eto an-tanàna !

Ampiasainy any amin`ny tsy izy irony tenin`Andriamanitra,
Hanadiovana ny maimbo mba ho lasa manimanitra .
Ianareo izay tsy nanota no aoka, hono, hitora-bato!
(Izany no mpanao lalàna ? Sao dia mendrika haato ?)


Raha fehezina izy ireo dia tsisy hafitsoka daholo.
Manamaimbo sy manimba iretsy ekipa manontolo.
Iza marina no donto ? Iza marina no nandra ?
Fa `reo nantenain-kanirina no mainka mampivandravandra !

***TSIMIMALO (19-10-22)***

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao


Helisoa, Navalona

Ny fitokonana nataon'ireo mpanao taxi-bisikileta teny Anosizato omaly.









Karazan'entana amin'ny Tranombarotra Baolai, amin'ny ho fiatrehana ny Mondial 2022 amin'ny baolina kitra any Qatar, amin'ny faramparan'ny taona izao.












# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa, Rakotobe

Ny mpitarika ny antoko Arema, nitsidika ny tany Masomeloka Mahanoro, sy tany Nosy-Varika faritra Vatovavy.











Ny fianakavian-dRakotomalala Marcel, nitafa tamin'ny mpanao gazety tao amin'ny Kianja Maitso Alasora.





Ny Ambasadaoron'i Etazonia eto amintsika Claire Pierangelo, sy ny tale jeneralin'ny USAID eto Madagasikara Anne Williams, nitafa tamin'ny mpanao gazety, momba ny fanohanany ny fiarovana ny faritra arovana any Menabe.





RAHARAHA RAKOTOMALALA MARCEL

# Tsy nahitana vola sandoka tao aminy na singany iray aza

Nanao valandresaka ho an'ny mpanao gazety teny Alasora ny vady aman-janak'i Rakotomalala Marcel, izay voarohirohy fa hoe nanao vola sandoka, ka nampidirina amponja vonjimaika eny Antanimora. Nanambara ny zanany vavy fa:" tamin'ny 23 aprily 2022 andro sabotsy io dia nisy zandary tonga tao an-tranony vao maraina be nitady an'i dadanay fa hanao fisavana ny trano fa hoe nanao vola sandoka. Rahefa natao ny fisavana rehetra hatramin' ny 9 ora maraina, izany hoe naharitra ora 4 dia tsy nahitàna na inona na inona avokoa ny toerana sy ny efitra rehetra tao an-trano. Rehefa vita izany dia nanambara ny zandary, fa tsy maintsy ho tanana ambava Rakotomalala Marcel , ka ho entina manaraka azy ireo any amin'ny birao. Notanana teny amin'ny zandary 2 andro, ny sabotsy sy alahady Rakotomalala Marcel. Ny alatsinainy anefa dia gaga izahay, fa nampidirina parquet dadanay ary avy hatrany dia nampidirina amponja vonjimaika teny Antanimora. Teo izahay vao nikoropaka nitady mpisolovava, satria tsy nisy porofo akory hita tato an-trano nefa dia gadraina ny dadanay. Tsy mbola afapo anefa ny mpanao famotorana, fa ny 15 jona dia niaraka tamin'ny banky foibe nijery hoe mahavita vola sandoka ve ny machine izay nampiasain'ny dadanay. Tsy nisy tohiny anefa io fisavana io, fa mbola any amponja Rakotomalala Marcel hatramin'izao." Ny fitaovana rehetra sy ny antontan-taratasy moa nanomboka teo dia nogiazana avokoa ary tsy nahazo nampiasaina intsony. Raha nahatsikaritra ianareo tamin' ny gazety hoy ny zanaka lahin'Andriamatoa Marcel raha nandray fitenenana izy, fa nolazaina fa tsy ara-dalàna ny orin'asanay. Tsia avy hatrany izany, satria ireto avokoa hoy izy ny taratasy vitsivitsy manambara fa ara-dalàna ny orin'asa ary ireto ny taratasy nividianana azy. Masinina Offset no ampiasainay ary mahafantatra ianareo fa tsy mahavita couleur maromaro izany fitaovana izany fa loko iray isaky ny mandeha ihany: na mena, na manga,… fa tsy afaka manao loko maromaro indray miaraka. Ny antony ijoroanay eto dia tsy sanatria hoy izy hibaiko ny fitsaràna, fa mba mangataka aminareo mpitsara izahay araka ny fahaizana sy fahendrena izay norantovinareo dia mba tsarao ara-drariny ny olona, fa aza dia mihaino fitsarana amin'ny alalan'ny tambazotran-tserasera. Ny facebook sy tele tsy ampy ny vaovao navoakany, hoy ny fanambarany. Namafisin'ny vadindRakotomalala Marcel ny fitalahoany amin'ny mpitsara, mba hitsara araka ny rariny sy ny hitsiny, fa tsy nahitàna n'inona na inona hoy izy tao an-trano nandritra ny fisavàna ny tranony, nefa dia any amponja ny vadiny. Manainga ny rehetra koa ny fianakaviana rehefa tonga ny fitsaràna an'i Rakotomalala Marcel, mba ho tonga hanatrika izany ny mpanao gazety sy izay liana, fa eo no tena hahafantarana ny marina mikasika ity raharaha ity .

**Helisoa**



*Ny fianakavian-dRakotomalala Marcel, nitafa tamin'ny mpanao gazety teny amin'ny Kianja Maitso Alasora.*

Etazonia

# Manamafy ny fanohanany ny fiarovana ireo zavamananaina any Menabe

Nohamafisin'ny Ambasadaoro amerikana Claire A. Pierangelo, ny fanohanan'i Etazonia ny fiarovana ny zavamananaina ao Menabe. Ny governemanta amerikanina sy ireo mpiara-miombon'antoka hafa amin'ny fampandrosoana dia mampitombo ny ezaka hamonjena ny ala mainan'i Kirindy ao amin'ny Faritra Menabe, izay toerana fonenan'ny gidro kely indrindra eran-tany, sady mampiroborobo ny fampandrosoana lovainjafy eo anivon'ny faritra. Nitsidika ny Faritra Menabe ny Ambasadaoro Amerikana Claire A. Pierangelo sy ny Tale Jeneralin'ny Sampandraharaha Amerikana ho an'ny Fampandrosoana Iraisampirenena (USAID) eto Madagasikara, Anne N. Williams, ny 2 ka hatramin'ny 6 Oktobra lasa teo. Nandritra izany no nanatrehan'izy ireo maso ny fandaharanasam-pampandrosoana tohanan'ny governemanta amerikana eo anivon'ny faritra, izay miaro ny zavamananaina tsy manam-paharoa any an-toerana ary manatsara ny fahasalamana, sy ny fiveloman'ny vondrom-piarahamonina eny ifotony. Nihaona tamin'ny Préfet Fidèle Rafidason sy ny Governora Serge Randriantsoa ny Ambasadaoro, ary nitsidika ny fandaharanasan'ny USAID tao amin'ny alan'i Kirindy sy ny faritra arovana ao Menabe Antimena , ary koa ireo tanàna mety handray ireo mpifindra monina avy any atsimon'i Madagasikara. "Tonga teto amin'ny faritra Menabe izahay hijery ny olana ara-tontolo iainana atrehin'ny ala maina sy i Madagasikara", hoy ny Ambasadaoro Pierangelo. "Ny tanjona dia sady ny hamonjy ny ala no hanome fampandrosoana ara-toekarena ho an'ny faritra." Ny votoatiny nanan-danja indrindra nandritra ny fitsidihana dia ny resaka momba ny fananan-tany sy ny famindran-toerana an'ireo mponina amin'ny alàlan'ny hetsika "Titre Vert". Izany hetsika izany dia hanitarana ny tanànan'i Bezeky, ka handraisana tokantrano miisa 500 efa monina ao amin'ny faritra arovana ao Menabe Antimena amin'izao fotoana izao. Hisy noho izany ny fananganana trano vaovao, tobim-pahasalamana ary sekoly. Ny mponina efa nonina teny an-toerana hatrizay sy ireo vao nifindra monina dia samy hahazo fahafahana hanamafy ny fananan-tany eo amin'ny toerana misy azy ireo avokoa. Nankatoavin'ny Filankevitry ny Minisitra ny Titre Vert Menabe Antimena tamin'ny 5 Oktobra lasa teo.

"Ny fandaharanasan'ny USAID dia hanampy amin'ny fanatsarana ny fananan-tany, ny famokarana sy ny fambolena, ary ny fidirana amin'ny tsena, ho fanohanana ireo ezaka hamindrana ireo mpifindra monina ivelan'ny ala arovana," hoy ny Tale Jeneralin'ny USAID/Madagasikara, Anne Williams, tao Bezeky.

Nitsidika ny tetikasan'ny USAID tao amin'ny fokontany Andranomena ihany koa ny delegasiona. Ireo fandaharanasa ireo dia manome fivelomana hafa ho an'ireo mpifindra monina, izay nirotsaka tamin'ny fambolena sy fiompiana. Anisan'izany ny kaoperativampambolena sady fikambanam-behivavy tohanan'ny USAID mampiasa teknika fiompiana akoho amam-borona, sy fambolena anana sy legioma hanampy azy ireo hampiovaova ny famokarana sady hampitombo ny fidiram-bola.

Tany Mahabo, ny Ambasadaoro dia nihaona tamin'ireo tompon'andraikitra ara-pahasalamana any an-toerana ary nahita mivantana ny fomba anomezan'ny USAID, ireo fanafody mamonjy aina, mba hampihenana ny fahafatesan'ny reny sy ny zaza ary hifehezana ny tazomoka. Nitsidika tanàna iray notohanan'ny USAID ho "afaka amin'ny fangerena an-kalamanjana" ihany koa izy.

**Aly**

Fikambanana MAFAMI

# Ratovoherisoa Manoa Laza no filoha vaovao hitondra

Tontosa ny zoma teo, ny famindram-pahefana teo amin'Andriamatoa Rasolomampionona Hasim-pirenena, filohan'ny MAFAMI teo aloha (Mpianatra Ambaratonga Ambony, Mpiasa, Mpandraharaha, Maintimolaly avy amin'ny faritany Antananarivo Miray), sy Andriamatoa Ratovoherisoa Manoa Laza, Filohan'ny fikambanana vaovao. Ny fanampiana an'ireo mpianatra mandranto fianarana eny amin' ireo Oniversitem-panjakana manerana ny Nosy no laharam-pahamehan'ny fikambanana MAFAMI, mba hahavita antsakany sy andavany ny taom-pianarana ireto farany ary hifantoka bebe kokoa amin' ny fanampiana ara-tsosialy ny zanaky ny fikambanana manerana ny Nosy, manoloana ny fahasarotan'ny fiainana. Nanohy fanazavana Andriamatoa Ratovoherisoa Manoa Laza, fa handray anjara amin'ny fiovaovan' ny toetr'andro ny MAFAMI, ka ny fanatanterahana ny fambolen-kazo sy ny ady amin'ny fisian'ny doro-tanety, no himasoan' ny mpikambana mandritra ny taom-piasany. Nanambara ny filoha vaovao, fa hanatanteraka hetsika fiarahabana tratran'ny taona 2023 ho avy izao, etsy amin'ny Lapan'ny Fanatanjahantena sy ny Kolotsaina ny volana Janoary 2023 ho avy izao, ho fampisehoan-kery sy fanentanana ny zanak' Antananarivo Miray hanatevin-daharana ny fikambanana. Raha tsiahivina dia efa ho 45 taona no natsangana tamin'ny fomba ofisialy ny fikambanana MAFAMI, ho fanamafisana ny firaisankinan'ny mpianatra zanak'i Antananarivo mandranto fianarana eny amin'ny ambaratonga ambony ary efa aman'hetsiny ny mpikambana avy amin'ny faritra Vakinakaratra, ny faritra Itasy, ny faritra Analamanga, ny faritra Bongolava amin'izao fotoana izao. Voafidy hitantanana ny MAFAMI tamin'ny 23 Jolay 2022 lasa teo tetsy amin'i « Batou Beach » Ambohimanambola, Andriamatoa Ratovoherisoa Manoa Laza, mba hamerina indray ny firaisankinan'ny mpikambana sy hampandroso an'i Madagasikara.

**Franck Razakambelo**




*Ny famindram-pahefana teo amin'ny fitantanana ny Mafami.*

Federasiôna Malagasin'ny karaté

# Fantatra ireo hiara-hiasa amin'i Sensei Emile Filoha

Voatendry ary fantatra avokoa tamin'ny faha-14 ôktôbra 2022 lasa teo ireo mpitantana samihafa eo anivon'ny taranja karaté Malagasy ka hiara-hiasa akaiky amin'ny filohan'ny Federasiôna vaovao, Sensei Emile Ratefinanana-hary. Membres du Conseil des Sages : Sensei Roger Andrianizahana, Sensei David Randriamalala, Sensei Hugues Raharimanantsoa. Membres d'Honneur : Mr Mamy Rahantason, Mme Bernardine Razafimalala, Mr Rosalie Abdalah, Mr Francisco Rakotonirina. Direction Technique Direction Technique Nationale : Sensei Albert Randriamana Direction Technique Nationale Adjoint : Sensei Lucien Raherisosamiandry. Commissions Permanentes Président du Commission technique : Sensei Georges Hafizou, Président du Commission d'Arbitrage et Réglementation des compétition : Sensei Christian Toubisson Rajaonarison, Président de la Commission Communication : Sensei Mara Boniface, Attaché de presse : Mr Tiana Ni-aina Ramarijaona, Président de la Communication d'Organisation : Mr Tantely Rakotoarisoa. Zônes de Développement Sportif Président du Zône Centre-Nord Antananarivo : Sensei Mamy Rahantason, Président du Zône Centre-Sud Fianarantsoa : Sensei Seth Andriam-Harimanana Ra- joelina.

**Rainilita**



*Ekipan'i Sensei Emile tany Fianarantsoa.*

NY VALOSOA VAOVAO Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy) Dokam-barotra
Tél. 034 79 076 00

# Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE 15/10/2022 hatramin'ny 22/10/2022**

- **PROGRES** (Analakely) 020 22 207 06/034 78 200 15
- **NAMONTANA** (Namontana) 034 23 899 93
- **DE LA CROIX DU SUD** (Antanimena en face imprimerie NIAG) 020 22 220 59 / 032 05 656 56
- **M PHARMACIE** (Imm MAMA Ambalavao Isotry) 034 02 652 55/020 22 665 22/ 032 62 652 55/033 33 652 55
- **MAHAFALY** (Soavimasoandro près terminus bus 165) 034 10 937 11

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40

Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange :032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35


**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 600 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com

**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**


Fametrahana 1359-10-2022
Isan'ny natonta: 10 000


Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

KITRA MONDIAL 2022

# Tolotra miavaka ao amin'ny Tranombarotra Baolai

Manerantany dia fetibe ny baolina kitra afaka 2 volana katroka, no mahaliana ny daholobe. Hiatrika ampifaliana an' izany ihany koa ny eto amintsika amin' ny alalan' ny marika « Hisense », izay mpanohana ny « Mondial de Football 2022 » atsy Qatar, ny Tranombarotra «Baolai » no masoivoho ofisialy eto Madagasikara efa ho 12 taona lasa izao. « Maro ny entana 1er choix amin' ny vidiny mirary ato aminay izay hita etsy Soarano sy Analakely. Ao ny Laser Tv samihafa misy hatramin' ny 120" - Smart tv sy télé led misy manomboka 32" hatramin' ny 85" ( misy antoka 1 taona daholo), congélateur izay maharitra 135 ora ny hatsiakany aorian'ny delestazy, climatiseur isan-karazany, machine à café », hoy ny tompon ' andraikitra. Ankoatran' izay dia ao ihany koa no ahitana entana maro ilaina amin' ny andavanandro toy ny subwoofer, four à gaz sy électrique, Smartphone, mini radio baffle bluetooth solaire misy manomboka 26 000 Ariary, synthétiseur, machine à laver, réfrigérateur, panneaux so- laires mono sy polychristalline, table de mixage. Ny antsipirian'izany rehetra izany dia ho azo amin' ny « site web » sy pejy fb : baolai ary ao amin'ny laharana 020 22 60588 - 020 22 30848 - 033 37 188 88 ( amin'ny ora fiasana). Dia hitorajofo tokoa ny malagasy miaraka amin' ny Tranombarotra « Baolai ».



*Entana hita amin'ny Tranombarotra Baolai.*

***Lita***

Anosibe - Anosizato

# Nitokona ireo taksi bisikileta


*Ny fitokonan'ireo mpanao taxi-bisikileta teny Anosizato.*

Somary nitohana ny fifamoivoizana teny Anosibe-Anosizato ao amin'ny Boriboritany faha-4 eto Antananarivo Renivohitra omaly. Ny antony, nitokona ireo mpanao taksi bisikileta teny aminy faritra iny, izay mitondra olona sy entana, manao izany asa izany hatrany Ampitatafika sy Fenoarivo, … any. Rehefa tsy navela hiasa ireo taksi bisikileta ireo omaly, teny amin'ny Rond Point Anosizato izy ireo no nitoby, rehefa avy nanao andiany maro nitandahatra avy any Anosibe. Na tsy ara-dalàna aza hatreto ity karazana asa iray misy ity, manampy sokajin'olona amin'ny fitaterana olona sy entana izy ireo.

***Aly***

Doro tanety sy doro ala

# Mbola tsy maty ny afo any Ambohitantely Ankazobe


Mitohy ny famonoana afo hatramin'ny omaly any Ambohitantely any amin' ny distrikan'Ankazobe. Araka ny fanambarana avy amin'ny ministeran'ny tontolo iainana an-dalampifehezana izany afo izany ny ankehitriny ireo mpamono afo. Ao anaty hamehana amin'ny ady amin' ny afo ny eto Madagasikara amin'izao fotoana izao . Manao ny ezaka rehetra, fa tsy miraviravy tanana ireo mpamono afo amin'ny alalan'ny komity mandrindra ny asa atao iadiana amin'ny doro ala sy ny doro tanety. Ilaina hamafisina koa ny fiarahamientana . Mifarimbona amin'ny ady atao ny mpiasan'ny ministeran'ny tontolo iainana, ny mpitandro filaminana, sy ny fokonolona any an-toerana...

***Stefa***

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 409**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

## Valiny Teny Tondro (0408)


### *Mitsivalana*

- Katolika
- Ra – Foh(y)
- Naoty – Ao
- Tanala
- Omby
- Noro
- Afomanga

### *Mitsangana*

- Kintana
- AA – Fo (miv)
- Trondro
- Atao (miv) – OM
- Lio
- If – Amen
- Koa
- Ahodina

## TENY MIFANAPAKA N° 409




**Mitsivalana**

**1.** Fitaterana mahazatra **2.** Enti-milaza – Ambony – Faran-teny (miv) **3.** Natsaraina **4.** Tsofoka – Marina (miv) – Faly (miv) **5.** Kere, noana **6.** Latsa-dranomaso (miv) **7.** Nandray – Aro orana **8.** Sakoroka – Lera – Tsirin-teny Mpifanao **9.** Nisambotra vola **10.** Tao – Haingana (miv)

**Mitsangana**

**A.** Volana boribory **B.** Arivonimamo – Aretina (miv) **D.** Karazana fitafiana **E.** Anarana malagasy **F.** Tafavoaka soamantsara – Mahantra **G.** Kosa – Fifadian-kanina (miv) **H.** Sakafo – Zavatsarotra **I.** Seranana malaza – Ao amin'ny vala **J.** Milaza fananana (miv) **K.** Mifandamina, mifanaiky (miv)

## *Valiny Teny mifanaraka 0408*

**Mitsivalana**

**1**. Nampakatra **2**. Sainy (miv) -Maro (miv) **3**. Fary - Anay **4**. .Masera (miv) - Na **5**. Nono - Niasa (miv) **6**. Sida (miv) **7**. Saribakoly **8**. Firenena (miv) **9**. Lena (miv) - Nify **10**. Voina - Dona (miv)

**Mitsangana**

**A** Nifanisa **B**. Orana (miv) - Anao **D**. Mirenireny **E**. Paiso - Neny (miv) **F**. As - Abela **G**. Radama (miv) **H**. Noa (miv) - Sikina **I**. Tra - Nifosa (miv) **J**. Rainy - Fo **K**. Ma (miv) - Didiana (miv)

## NY TENY FIAINANA

*Dia hivoaka izy: izay nanao tsara dia ho any amin'ny fitsanganana ho fiainana, fa izay nanao ratsy kosa dia ho any amin'ny fitsanganana ho fahamelohana.*
***Jaona 5:29***

**Basket Road To Bal Antananarivo 2022**

# Vonona tanteraka ny Cospn Madagasikara

Vonona tanteraka ny ekipan'ny Cospn solontena Malagasy amin'ny fifaninanana basikety "Road To Bal Antananarivo 2022", ho tanterahina etsy amin'ny "Palais des Sports Mahamasina" manomboka rahampitso zoma 21 ka hatramin'ny alahady 23 ôktôbra 2022 ho avy izao. Efa tonga eto Antananarivo Madagasikara avokoa ary efa vonombonona ihany koa ireo ekipa 3 ao anatin' ny vondrona D hanampy ny ekipa Malagasy amin' io fifaninananana io (ny Djabal Basket Iconi COMORES, ny Roche Bois Warriors MAURICE ary ny Kenya Ports Authority KENYA). Marihana fa ireo



*Ny Cospn Madagascar 2022.*

ekipa tafavoaka ho roa (2) voalohany manana salanisa ambony mandritra ity fifanintsanana ity dia ho tafiditra ho an'isan'ireo Elite 16 ary tafakatra amin' ny dingana manaraka. Fandaharam-potoana mandritra ny hateloana : Zoma 21 ôktôbra 2022 15:00-KPA # ROCHE BOIS, 17:30-COSPN # DJABAL. Asabotsy 22 ôktôbra 2022 15:00- DJABAL # KPA, 17:30- ROCHE BOIS # COSPN. Alahady 23 ôktôbra 2022 15:00-ROCHE BOIS # DJABAL, 17:30-KPA # COSPN. Hisokatra amin'ny 12ora antoandro ny fivarotana ny tapakila fidirana sy fisokafan'ny vavahady fidirana ao amin' ny Palais ka ho 5.000 ar ny vidin'ny tapakila tsotra ary tapakila iray (1) hoan' ny mpijery iray (1) vidiana mivantana eny am-bavahady. Ny karatra fanasana andoavam-bola 30.000Ariary izay natao vitsy dia vitsy dia vidiana amin'ny alalan'ny M-Vola amin'ireto laharana manaraka ireto : 038 67 660 34 (Mr Francky FMBB), 038 90 271 84 (Mr Andry COSPN) ka raisina eny amin'ny biraon'ny kaomisarian'ny pôlisy Mahamasina manomboka amin'ny 9ora maraina hatramin'ny 4ora tolakandro amin'ny andron'ny fifaninanana.

***Rainilita***

**Rugby Africa Women's Cup Qualification 2022**

# Nandravarava Sônegaly ny Makis Ladies XV



*Ny Makis Ladies XV any Tunisie.*

Nandravarava Sônegaly ny Makis Ladies XV tamin'ny fandraisany anjara voalohany amin'ny fifaninanana « Rugby Africa Women's Cup Qualification 2022 » tontosaina any Tunisie ankehitriny ka nandresy 34 – 25 na dia somary sahiran-kirana kely ihany aza tamin'ny farany. Efa nitarika tamin'ny isa -3 ny Makis Ladies XV teo am-pialantsasatra tamin'io lalao natao tamin'ny talata 18 ôktôbra 2022 lasa teo io tao amin'ny . kianja "El Menzah Rugby Stadium" any Tunisie. Marihana fa nanomboka tamin'ny 14 ôktôbra 2022 lasa teo ity fifaninanana ity ka tsy hifarana raha tsy amin'ny faha-22 ôktôbra 2022 ho avy izao. Amin'ny asabotsy 22 ôktôbra 2022 indray no hikatroka amin'i Tunisie mpampiantrano ny Makis Ladies XV ao amin'ny vondrona C misy azy.

***Rainilita***

**Rugby Tounoi de Repêchage Top 20, sy Champion du Quartier**

# Hifampitohy miaraka eny Andohatapenaka

Hifampitohy miaraka eny Andohatapenaka amin'ny alahady 23 ôktôbra 2022 ho avy izao ny fifaninanana rugby « Tounoi de Repêchage Top 20 » sy ny « Champion du Quartier ». Lalao goavana miisa 4 no indray harahina amin'izany manomboka amin'ny 9 ora maraina mandra-paharivan'ny andro. Fandaharan-dalao « Tounoi de Repêchage Top 20 » : 09 :00-3F5 Ambodisiry # XV Avenir Andohatapenaka, 11 :00-Fta Andavamamba # Uasc Cheminot. « Champion du Quartier » : 13 :00-Usa Ankadifotsy # Tfa Anatihazo, 15 :00-Ftm Manjakaray # Tfma Ankasina. Ho 3000 ar ny fidirana eny amin'ny Gradin ary 5000 ar eny amin'ny Tribune amin'io andro io.

***Rainilita***




*« Rugby Tounoi de Repêchage Top 20 » sy «Champion du Quartier ».*

**Baolina kitra amin'ny fasika**

# Efa any Mozambique ny Barea Beach Soccer




*Barea Beach Soccer tonga tany Mozambique.*

Efa any Mozambika ka mipetraka ao amin'ny Samara Hôtel Vilankulos Mozambique ny Barea Beach Soccer, izay hiatrika ny fifaninana "Can Beach Soccer Mozambique 2022". Efa nitsapa ny kianja "Stade Arena Beach Soccer" hanatanterahana an'ireo lalao any Mozambika ihany koa izy ireo nanomboka afak'omaly. Fantarao ny fandaharan-dalo hatrehan'ny Barea Soccer Malagasy : Asabotsy 22 ôktôbra 2022 : 15 :30-Madagascar # Egypte, Alahady 23 ôktôbra 2022 : 12:30-Ouganda # Madagascar, Alatsinainy 24 ôktôbra 2022 : 14:00-Sénégal # Madagascar.

***Rainilita***

## Sakafo Ny Valosoa



**Henomby sy poireau** indray, no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Atao ridritra izany, na atao ketsaketsa ihany koa. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

# Fomba natoraly fanadiovana voa na reins



Fomba natoraly fanadiovana voa na reins indray, no Mahasoa eto amin' ny gazetinao androany.
Zavatra ilaina:
- Citron na voasarimakirana masaka tsara 4.
- Mananasy masaka tsara silany iray.
- Rano iray vera.

Fikarakarana azy:
- Mixer-na miaraka izy rehetra (tsy asiana siramamy).

Ny fomba fampiasana azy :
- Misotroa iray vera amin'ny maraina amin'ny vavony mbola foana.
- Misotroa iray vera amin'ny atoandro alohan'ny hisakafo.
- Misotroa iray vera alohan'ny sakafo hariva.

Nampiana mananasy teto, mba hanampy hahatsara ny tsirony ho mora sotroina.
- Indray andro ihany ny faharetany; ary mamerina misotro izany indray mandeha isaky ny 3 volana. (Izany hoe raha misotro izany ianao androany, dia afaka 3 volana indray izay vao mamerina misotro).

## NY VALOSOA sy Mahaliana

# Ny tanànan'i Tratramarina any amin'ny distrikan'Anosibe An'Ala faritra Alaotra Mangoro

Ny tanànan'i Tratramarina any amin'ny distrikan'Anosibe An'Ala faritra Alaotra Mangoro indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Tratramarina ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 9 mandrafitra ny distrikan'Anosibe An'Ala. Azo lazaina ho avo toerana ihany izy, satria 800 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Vokatra any ny vary, ny mangahazo, ny kafe, ny jirofo, ny voanjo. Mpiompy tantely ihany koa ny mponina any Tratramarina, noho ny fisian'ny ala, izay mbola misy mikitroka any an-toerana.

